Vina 7000

Filazana ankapobe
an'ny misionera *Ewald Frank*

Ry mpamaky malala,

Tsy mila fotoana lava akory ianao, raha hamaky ity famelabelarana fohy ity. Ny andro iainantsika izao dia fotoana mirotoroto be, satria isan'andro izao dia misy foana vaovao renesintsika mikasika zavatra manokana. Filazambaovao tokana monja dia anomezana antsika zavamitranga maro izay, raha taloha, dia ho tao anatin'ny taonjato iray no ho nitrangany: loza voajanahary, hanoanana, fahoriana vokatry ny ady, adim-poko, "fandringanana foko iray", fampihorohorona ara-pivavahana, vono-olona sy heloka isan-karazany no voalaza fa misy manerana ny tany. Ao amin'ny firenena iray ihany, dia mety sady misy doroala mandravarava atiàla matahitra be any andrefana, no misy tafio-drivotra manimba zavatra tsy hita nonoa any atsinanana. Toa niova tanteraka tsy toy ny taloha intsony ny ankehitriny. Ireo olana politika, sy ireo ara-toekarena ary ara-tsosialy, dia tsy ahitana vahaolana mahafapo, na ao amin'ny firenena tsirairay, na eo anivon'ny iraisam-pirenena.

Anatin'ity famelabelarana ity isika no handinika vetivety, amin'ny alàlan'ireo famiananian'ny Baiboly, ireo zavamitranga ankehitriny. Sahabo ho 6000 taona lasa izao ny nahitan'ireo olombelona voalohany ny hazavan'ny masoandron'ity tontolo ity. Sahabo 2000 taona no nandalo hatra tamin'i Adama ka hatramin'i Abrahama, 2000 taona hatra tamin'i Abrahama ka hatra tamin'i Kristy, ary mbola 2000 taona koa hatra tamin'ny nahaterahan'i Kristy (izany hoe hatra tamin'ny nanombohan'ny fanisampotoantsika ankehitriny). Rariny tokoa raha manontany tena isika hoe izao fihovana taonjato izao ve tsy kiondàlana ao amin'ny tantaran'ny zanakolombelona? Ary arakaraky ny anatonantsika ny taona 2000 dia mihamaro hatrany ireo fanombatombanana mikasika izany. Ireo manam-pahaizana manokana dia manoritra sary maizina an'io hoavy akaiky io. Misy ireo olona, tahaka ity loholon'ny Etazonia iray ity, izay manahy fandrao ny taranatsika izao no *voalohany* mahazo matahotra ho taranaka *farany* an'ity sivilizasiona ity. Tsy misalasala ny olona miresaka momba ny "fara-andro" sy ny "helon'ny apokalypsy" izay madiva hitsarapaka amin'ity bolantany ity. Manahy amin'izay hitranga tsy-ho-ela ny ankamaroan'ny olona. Iza àry no hatonintsika ny amin'ireo lohahevitra lehibe ireo? —ireo mpahita sa ireo "jamba"? Ny filazan'ireo filozofy ve no horaisintsika ka hadikantsika? sa kosa hanontany an'ireo mpanao fankatovana sy ireo mpandinika lanitra? Afaka hahazo valiny azo antoka ve isika amin'ireo fanontaniana ireo? — Tsy isalasalana, satria voasoratra hoe: *«Ary manana ny teny faminaniana atao mafy orina kokoa isika; koa raha mandinika izany ianareo, dia manao tsara, fa toy ny jiro mahazava ao amin'ny fitoerana maizimaizina izany, mandra-pahazavan'ny andro, ka miposaka ao am-ponareo ny fitarik'andro;»* (2 Petera 1:19)

Maika ankehitriny ny ahazoana filazana mikasika ny ankehitriny, avy ao amin'ny Soratra Masina, ary tokony heken'izay olona rehetra mitady valiny marina

sy mahitsy fo. Noho Izy "mahalala ny zavatra rehetra", dieny tamin'ny fiandohan'ny fotoana, Andriamanitra dia afaka nampanoratra ny zavatra hitranga any amin'ny fiafarana. Ny olombelona dia tsy afaka manoratra ny tantara, afa-tsy amin'ny fahafantarany ireo zavatra efa nitranga. Fa Andriamanitra kosa, Izy dia alohan'ny hitrangany, no efa nanoritany ny Tantara manontolo an'izao-tontolo-izao, sy ny "Tantaran'ny Fanavotana" ao anatin'izany, ary izany dia hatramin'ny fametrahana ireo lanitra vaovao sy tany vaovao, mandra-pidiran'ny fotoana indray ao amin'ny mandrakizay. Ny fizotry ny fotoana dia efa voafaritra, ary izany dia tsy misy fiverenany.

Amin'ity "Vina 7000" ity, izahay, *andaniny* dia te-hampifantoka ny sain'ny olona amin'ny zavatra manatona antsika tsy azo ihodivirana, izay efa antomotra, ary *ankilany*, hanoro ny hany làlana tokana ialàna amin'ny fandravana hoavy tsy ela. Raha ny fandehan-javatra ankehitriny no jerena, dia misy tokoa ny zotra mazava tsara, mifanaraka amin'ireo "famantarana ny fotoana" izay efa voambara mialoha ao amin'ny Soratra Masina. Nandritra ireo 2000 taona lasa, na toa tsy nisy aza zavatra tonga nivantana avy tany an-danitra, nampikorontana izao-tontolo-izao, koa sarotra amin'ny olona ny mino fa Andriamanitra dia miasa ao amin'ny Tantara, ny zavatra voasoratra dia tsy maintsy hitranga, noho izany efa nolazain'ny Tenin'Andriamanitra mialoha.

Enina andro no namoronan'Andriamanitra izao-tontolo-izao, ary nitsahatra Izy tamin'ny andro fahafito. Raha "taona ara-paminaniana" no resahina, ny indray andro amin'Andriamanitra dia toy ny arivo taona amintsika. Izao no voasoratra: *«Nefa, ry malala, izao zavatra iray loha izao no aoka tsy hohadinoinareo: ny indray andro amin'ny Tompo dia toy ny arivo taona, ary ny arivo taona toy ny indray andro.»* (2 Petera 3:8: Sal 90.4)

Ao amin'ny Asa 2:17 ny apostoly Petera, raha nampahatsiahy ny faminanian'i Joela mpaminany, dia niteny ny amin'ireo "andro farany" izay hirotsahan'ny Fanahy Masina, ary ireo 2000 taona an'ny Andron'ny Fahasoavana no noteneniny tamin'izany.

Araka ny ahazoantsika antoka fa mamarana ireo 6000 taona isika izao, dia azo antoka toy izany koa fa efa eo ambaravarantsika ny "Andron'ny Tompo", ny andro fahafito an'Andriamanitra, izay ny taonarivo fahafito. Araky ny Apokalypsy 20, izany dia ho Fanjakam-piadanana haharitra 1000 taona, izay hiarahan'i Kristy amin'ireo Azy, eto ambonin'ny tany. Izao no lazain'ny andininy faha-6: *«Sambatra sy masina izay manana anjara amin'ny fitsanganana voalohany; ireo tsy mba ananan'ny fahafatesana faharoa fahefana, fa ho mpisoron'Andriamanitra sy Kristy ireo ka hiara-manjaka aminy* ***arivo taona****.»* Aorian'ny fotoana fanadiovana ny tany, dia ho tonga ny fanavaozana azy, ary izy ho tafaverina amin'ny endrika Paradisa indray, izay hanjakan'ny "tena fiadanana". Na ny amboadia sy ny zanak'ondry aza dia hiara-miraotra *(Isaia 11:6-9*). Ao amin'ny Tenin'Andriamanitra isika dia mahita ireo filazana mikasika ny lohahevitra ara-Baiboly an'ny "vinan'ny taonarivo fahafito".

IREO FAMINANIAN'NY BAIBOLY NO TOMPON-TENY FARANY

Tanteraka eo ambanin'ny masontsika ankehitriny ireo faminaniana izay ao amin'ny Soratra Masina, ary voatokana hitranga amin'izao vanimpotoana iainantsika izao. Voalohany indrindra amin'izany ny fiverenan'ny vahoakan' Isiraely ao amin'ny "tany nampanantenaina". Efa voambara mialoha ny fiparitahany manerana ny firenena hafa, ao amin'ny Deotoronomia 4, ary ny tsy maintsy ho fanangonana azy ireo indray *(Isaia 14.1; Jer.30.3; Jer.31.7-12; Ezek.35,38)*. Tamin'ny fanoharana no nanambaran'i Jesosy-Kristy izany, fony Izy niresaka mikasika ny "aviavy" —izay maneho an'Isiraely *(Hosea 9.10)*— ho famantarana manokana ho an'ny taranaka ankehitriny *(Mat. 24:32-41)*.

Raha ny amin'ny fizotry ny fotoana, raha Isiraely no raisina ho ohatra, dia hitantsika tsara ny fomba fanisan'Andriamanitra ny fotoana amin'ny alàlan'ireo "andro ara-paminaniana". Zavatra mazava kokoa no ampahafantarina antsika amin'ny alàlan'i Hosea: *«Andeha hiverina ho amin'i Jehovah isika; Fa Izy no namiravira, ary Izy ihany no hahasitrana antsika; Izy no namely, ary Izy no hamehy ny ferintsika. Rehefa afaka* ***indroa andro****, dia hovelominy indray isika; Ary amin'ny* ***andro fahatelo****, dia hatsangany ho velona eo anatrehany isika»* (Hosea 6:1-2)

Ireo **andro ara-paminaniana anankiroa** voalaza eto, dia tsy isalasalana fa ireo roa arivo taona vao nifarana, nandritra ny nampiparitahana ny vahoakan'Isiraely, nanerana izao-tontolo-izao, hatra tamin'ny taona 70. Velona indray ny firenen'Isiraely hatra tamin'ny 1948, ary Jiosy avy tamina firenena 143 no tafaverina ao. Izany dia porofon'ny fahatanterahan'ireo teny fikasan'Andriamanitra. Raha ny amin'ny **andro fahatelo**, izany dia ilay taonarivo izay ho avy tsy ela izao, rehefa hahafantatra an'i Jesosy-Kristy ho ny Mesiany izy ireo, ary handray ny fiainana ara-panahy homen'ny Fanahy. Mikasika an'Isiraely, dia izao no lazain'i Paoly: *«Fa raha ny fanariana azy no fampihavanana izao tontolo izao, tsy ho* ***fitsanganana amin'ny maty*** *ny fandraisana azy? ... Fa tsy tiako tsy ho fantatrareo izany zava-miafina izany, ry rahalahy (fandrao mihevitra ny tenanareo ho hendry ianareo), fa efa misy fahamafiam-po manjo ny Isiraely sasany mandra-piditry ny hafenoan'ny jentilisa; ary amin'izany dia hovonjena avokoa ny Isiraely rehetra, araka ny voasoratra ...»* (Romana 11:15; 25-26)

Araka izany, dia mifanaraka amin'ny fahatanterahan'ireo faminanian'ny Baiboly ireo trangan-javatra nisy tatoato ao Eropa, indrindra ilay kihondàlana tsy nisy romoromo tamin'ny Oktobra-Novambra 1989. Eo ambanin'ny masontsika dia miforona ny "Eropa-Mitambatra", araka ny efa namaritana azy tao amin'ny *"Traité de Rome"*. Nanjary mpinamana ireo mpifahavalo taloha. Niato aloha ireo fahasamihafana nisy tamin'ny Atsinanana sy Andrefana. Foana ilay tsipika nizarazara an'i *Allemagne* sy ny kontinanta eropeana. Tafatoetra àry ny "Trano iombonana eropeana" iray, izay tsy maintsy ahitan'ny tsirairay ny toerany, "Eropa-Mitambatra" iray. Ary dia mitsangana indray eo ambanin'ny masontsinka ny "Fanjakambe Romana", ilay fahefatra sady farany amin'ireo

fanjakambe maneran-tany hitan'i Daniela mpaminany, ao amin'ny Testamenta Taloha *(Dan. 2 sy 7)*. Izany dia ilay "herin'ny bibidia" ao amin'ny Apokalypsy izay mivoaka avy amin'ny ranomasin'ireo vahoaka eropeana, ary mampitolagaga izao-tontolo-izao *(Apok.13)*. Tsy ny hery politika sy ekonomika maneran-tany fotsiny ihany no ao, fa koa, ary indrindra, ilay "vehivavy mpivavaka mitaingi-tsoavaly" *(Apok.17)* izay mihazona ny familiana, ka mifehy ny fandehan-javatra. Io "fahefana maneran-tany" ara-pivavahana io dia ekena sy hajain'ireo mpitondra rehetra, na politika na ara-pivavahana. Ny "Eropa mitambatra" no lasa hery maneran-tany voalohany, izay manoritra, amin'ny fombany, ny "lamina ekonomika maneran-tany". Avy amin'izany no hisian'ny firaisana ara-pivavahana sy politika ary ekonomika iray. Ny dingana voalohany amin'izany firaisana izany dia efa ho tapitra tsy ela, ary efa tafapetraka avokoa ny fepetra rehetra hahatanterahan'ireo zavatra rehetra ho avy, izay efa andàla-pitrangana.

Ny apostoly Paoly, sahabo 2000 taona mialoha, dia efa nahita ny ho fivoaran-javatra amin'ny dingany rehetra, ary izany dia tanteraka eo ambanin'ny masontsika, satria izao no nosoratany: *«satria ianareo mahalala marimarina fa ho avy toy ny mpangalatra amin'ny alina ny andron'ny Tompo. Raha misy olona manao hoe:* ***Miadana sy mandry fahizay****, dia hanjo azy tampoka ny fandringanana, toy ny* ***fahararian'ny*** *vehivavy raha miteraka, ka tsy ho afa-mandositra mihitsy izy.»* (1 Tesaloniana 5:2-3)

Hatramin'ny nahazoan'i *Michael Gorbatchev* fahefana, tamin'ny 1985, ka ankehitriny, dia maro be nisesisesy ireo lahadinika izay natao mikasika io fiadanana sy fandriana-fahizay io. Fa io fihaonana io no tafiditra amin'ny tantara, nantsoina hoe "lahadinika an-tampony", ka nahatonga ny filaminana tamin'ny Atsinanana sy Andrefana, nahafahana nampitambatra indray an'i Allemangne, ary nahazoan'ireo vahoakan'ny Eropa atsinanana fahaleovantena. Miezaka mafy noho ny tamin'ny lasa ankehitriny ireo polotisiana mitady io "fiadanana" antenaina io, sy io "fandriana-fahizay" feno io. Hampiasaina miha-imbetsaka hatrany ireo teny roa ireo mikasika ireo zavatra mitranga ao *Proche-Orient.* Ary Isiraely dia miha-lasa ho ilay "teboka mafana" amin'ireo trangan-javatra politika maneran-tany. Toy izany koa i Jerosalema izay lasa "vato mavesatra" ho an'ireo mponina rehetra manodidina azy, araka ny efa voalazan'i Zakaria mpaminany (Zak.12)

Araka ny "fifanarahan 'i *Oslo"* fahatelo dia tokony ho tapitra ny taona 1999 ireo dinidinika rehetra mikasika an'i Jerosalema. Toy ny voalazan'ny teny faminaniana ihany koa, dia hisy fiadanana ihany hivoaka amin'ny farany. Ny mampalahelo anefa —na hahafoy "tany ho an'ny fiadanana" aza Isiraely— dia "fiadanana miantona" ihany no ho azo amin'ny alalan'ny marimaritra iraisana be dia be, fiadanana ifandaminan'ireo mpanao politika, "mahazo tsodrano" avy amin'ny fahefana ara-pivavavahana fara-tampony. Araka ny voasoratra dia amin'izay fotoana izay indrindra no ho tonga ny fandringanana tampoka.

NY ANDRON'NY TOMPO

Raha vao tapitra ny "andro famonjena" *(Isaia. 49.8; 2 Kor. 6.2)*, mialoha indrindra ny "Andron'ny Tompo", izany hoe mialoha ny taonarivo fahafito, dia ho kapohina amin'ny loza mahery vaika sy ny fitsaran'ny fahatezeran'Andriamanitra izao-tontolo-izao. Ao amin'ny Matio 24, sy andalana hafa ao amin'ny Soratra Masina, dia Jesosy mihitsy no manondro ireo zavatra hitranga amin'io andro io. Miresaka Izy, ady sy filazana ady, horohorontany, hanoanana, loza voajanahary isan-karazany, ary ampiany hoe: *«Fa izany rehetra izany no **fiandohan'ny fahoriana**.».* Hitombo hery hatrany ireo horohorontany sy loza voajanahary isan-karazany, mandrapiavian'ilay horohorontany lehibe nahihiana ela, izay hihoatra ny rehetra ny hamafiny, hitranga any *Californie*, ary voafaritry ny tatatr'i *San-Andréas*, manamorona ny sisiny andrefana an'i Etazonia, izay andrasan'ireo siantifika hitranga amin'ny fotoana rehetra. Mandrakariva, ny fanaintainana dia mialoha hatrany fahaterahana iray. Araka ny Romana 8:19-22, ireo zavatra àry rehetra dia maniry fahaterahambaovao iray, sady miharitra ny fahoriana entin'izany. Ireto teny ireto no anambaran'i Jesosy ny fahoriambe ho avy: *«Fa amin'izany andro izany dia hisy fahoriana lehibe, izay tsy mbola nisy toa azy hatrizay niandohan'izao tontolo izao ka mandraka ankehitriny, sady tsy hisy intsony.»* (Matio 24:21)

Ao amin'ny Lioka 21 sy andalan'ny Baiboly hafa, dia voalaza amintsika izay hitranga mandritra ny fahoriambe. *«Ary hisy famantarana eo amin'ny masoandro sy ny volana ary ny kintana, ary ety ambonin'ny tany dia hisy fahorian'ny firenena amin'ny fahaverezan-kevitra noho ny firohondrohon'ny ranomasina sy ny fanonjany, ka ho reraka ny fon'ny olona noho ny fahatahorany sy ny fiandrasany izay zavatra ho tonga ambonin'ny tany; fa ny herin'ny lanitra dia hohozongozonina.»* (Lioka 21:25-26). Tsy afaka idirantsika eto, amin'ny an-tsipirihany ireo loza tsy hay saintsainina sy ireo "fitsaran'ny fahatezeran'Andriamanitra" voalazan'ny Apokalypsy izay hikapoka ny zanakolombelona tsimpino, aorian'ny fampakarana ny "Fiangonana-Ampakarina" an'i Jesosy Kristy. Jehovah-Andriamanitra izay nanolotra ity tany ity tamin'ny olombelona, dia nibaiko azy ireo hifehy izany amim-piombonana Aminy. Rehefa tafasaraka tAminy anefa ny olombelona, dia manimba ny tany sy manimba ny tenany koa. Very hevitra ireo manampahaizana, miresaka ny fahalotoan'ny rivotra, sy ny rano ary ny tany, ny fahalotoan'ny tontolo ankapobeny, ny loza mihantona vokatry ny fahatombahan' ny soson'ny ozôna, ny *"effet de serre"* izay hanova tanteraka ny toetrandro —hatramin'ny hahalevona tanteraka ny soson'ny ozôna, ka hampiakatra ny hazavan'ny masoandro **impito heny**, araka ny voalazan'ny Soratra Masina. Izao tokoa no voasoratra: *«Ary ny fahazavan'ny volana dia ho tahaka ny fahazavan'ny masoandro, ary ny fahazavan'ny masoandro dia ho avy **fito heny**, ka ho tahaka ny fahazavan'ny hafitoana…»* (Isaia 30:26)

Tao amin'ny nosy Patmo, i Jaona, ilay mpahita dia nahazo fahitana ny amin'izany, araka izao sary izao: *«Ary ny fahefatra*

nampidina ny tao an-doviany tamin'ny masoandro; dia nasaina nandoro ny olona tamin'ny afo izy. Ary main'ny hafanana be ny olona, dia niteny ratsy ny anaran' Andriamanitra, izay manam-pahefana amin'ireny loza ireny, izy sady tsy nibebaka mba hanome voninahitra Azy.» (Apokalypsy 16:8-9) Amin'izay fotoana izay, dia efa ho tapitra ny "Andron'ny fahasoavana sy ny famonjena", ka tsy ho afaka hiova fo amin'Andriamanitra intsony ny olona. Ho maro ireo olona ho tonga saina amin'alahelo lehibe, fa "diso tara loatra", mandrakizay.

Rehefa avy ho nandoro ny tany manontolo ny masoandro, dia hiova ho aizina izy, satria izao no voasoratra: *«Ny masoandro hampodina ho aizina, Ary ny volana ho rà, alohan'ny hahatongavan'ny andron'i Jehovah, dia ilay sady lehibe no malaza;»* (Asan'ny Apostoly 2:20- Joela 2:31) *«... ary tonga mainty tahaka ny lamba volon'osy fisaonana ny masoandro, ary tonga tahaka ny rà avokoa ny volana. Ary ny kintana tamin'ny lanitra dia niraraka tamin'ny tany, toy ny aviavy manintsana ny voany manta, raha hozongozonin'ny rivotra mahery... Ary ny mpanjakan'ny tany sy ny lehibe sy ny mpifehy arivo sy ny mpanankarena sy ny lehilahy mahery mbamin'ny andevo rehetra sy ny tsy andevo rehetra dia niery tao amin'ny lavaka sy tao amin'ny vatolampy eny an-tendrombohitra; ary hoy izy tamin'ny tendrombohitra sy ny vatolampy; Mianjerà aminay, ka afeno izahay amin'ny tavan'ilay mipetraka eo ambonin'ny seza fiandrianana sy amin'ny fahatezeran'ny Zanak'ondry; fa tonga ny andro lehiben'ny fahatezerany, ka iza no mahajanona?»* (Apokalypsy 6:12-17)

Toy ny tamin'ny andron'i Noa, noho ny Fitiavany sy ny Fahasoavany, ka nanomezan' Andriamanitra làlana nialana ny lozan'ny safodrano, tamin'ny fidirana tao amin'ny sambofiara, ny Tenin'Andriamanitra dia manondro làlana hahafahantsika hiala ny fandravana izay ho tonga, amin'ny alàlan'ny fialofana ao amin'i Jesosy-Kristy (1 Pet. 3). Ireo izay mino ny hafatry ny Filazantsarany, ka manaiky homanina, dia ho afaka hidify ny zavatra rehetra izay hitranga, ary ho ampakarina amim-boninahitra any Aminy, any an- danitra (Lioka 21:34-36 sy ny hafa) Amin'izany indrindra no nilazan'i Jesosy-Kristy izao: *«Ary raha vao miandoha izany zavatra izany dia miandrandrà, ka asandrato ny lohanareo; fa manakaiky ny fanavotana anareo.»* (Lioka 21:28)

Tsy manan-toerana eto, sady tsy vahaolana koa, ny lokon'andron'ny fiafaran'izao-tontolo-izao. Tsy ny fihorohoroana no tadiavina, fa kosa ny fandinihana sy ny firesahana amin'Andriamanitra. Ny baikon'izao ora izao dia: *"Faingana manavotra ny fanahinao!"; «Fa inona moa no soa ho azon'ny olona, raha mahazo izao tontolo izao, kanefa very ny ainy?»* (Matio 16:26). Madiva ho tapitra ny andron'ny Fahasoavana. Efa niantomboka ny tanisa-mijotso. Toy ny fanenona trompetra ny fanenon'ny antson'Andriamanitra farany. Tsy maintsy izao dia izao no ihavanana amin'Andriamanitra ho an'izay maniry izany. Amin'izany indrindra no ampitandreman'ny Baiboly antsika hoe: *«Fa ho avy tahaka ny mpangalatra ny andron'ny Tompo, ary amin'izany ny lanitra dia ho lasa amin'ny firimorimoana mafy, ary ho levon'ny afo ny tenan'ny zavatra rehetra, ka hodorana avokoa ny*

tany sy ny asa izay eo aminy. Koa raha ho levona toy izany izao zavatra rehetra izao, dia olona tokony hanao ahoana moa ianareo amin'ny fitondran-tena masina sy ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, sady manantena no mampahafaingana ny hihavian'ny andron'Andriamanitra, izay hahamay sy hahalevona ny lanitra ary handoro sy hampiempo ny tenan'ny zavatra rehetra. ***Kanefa isika, araka ny teny fikasany, dia manantena lanitra vaovao sy tany vaovao, izay itoeran'ny fahamarinana.»*** (2 Petera 3:10-13)

Maro ireo andalana azo lazaina mikasika ity lohahevitra ity. Izay rehetra voasoratra efa ela taloha tany, dia ankatoky ny ho lasa tantara avokoa. Saingy am-pionondantena sy am-pahamailoana no tsy maintsy hitondrantsika ny fiainantsika, **satria tsy misy olona tena mahafantatra ny fotoana sy ny ora**; ny zavatra tokony iahiantsika fotsiny dia ny miara-mamindra amin'Andriamanitra, mba ho vonona hihaona amin'ny Tompo, amin'ny fotoana rehetra. Ity taom-piangonana farany izay iainantsika ity, dia nampitahain'i Jesosy-Kristy Tompontsika tamin'i Sodoma-sy-Gomoro (Lioka 17:26-30). Tsy misy olona afaka hilaza fa tsy ratsy nohon'ny tamin'izany ny tontolontsika izao, amin'ny lafiny rehetra. Ankehitriny, toy ny tamin'izany andro izany, izao-tontolo-izao dia latsaka niala ny toerana nisy azy teo akaikin'Andriamanitra, ary efa vonona ho amin'ny fitsarana. Tolotra anankiroa no omen'Andriamanitra: na ny fahasoavana na ny fitsarana. Iza no tianao ho fidina?

NY FIVERENAN'I KRISTY

Amin'ny maha-Mpahary Azy, Andriamanitra dia manana Planina ho an'ny Voahariny. Toy izany, amin'ny maha-Mpanavotra Azy, dia manana planina koa Izy ho an'ireo Navotany. Ny olona iray izay mino ny fisian'ny Andriamanitra iray manokana-ho-azy dia resy lahatra koa fa tsy misy kisendrasendra ao Aminy. Hoy Jehovah hoe: *«... Izaho no Andriamanitra, ka tsy misy tahaka Ahy, Izay manambara ny farany hatramin'ny voalohany, ary nanambara hatramin'ny ela izay tsy mbola natao akory, dia ilay manao hoe: Ho tò ny fikasako, ary hefaiko ny sitrapoko rehetra,»* (Isaia 46:10) … «*fa amin'ny fahatanterahana faingana no hanefan'i Jehovah ny teniny ambonin'ny tany.*» (Romana 9:28)

Na iza mahay ny Soratra Masina, dia mahafantatra fa ny fanambarana ny fiavian'ny Mpanavotra iray (Gen.3) no fanantenan'ny vahoakan'Andriamanitra, nandritra ny Testamanta Taloha manontolo, hatra tao saha Edena. Toy izany koa —hatramin'ny Fiakarany— dia ny Fiverenan'i Jesosy-Kritsy, ilay Mpanavotra no fanantenan'ny vahoakan'Andriamanitra, hatramin'ny fiandohan'ny Testamenta Vaovao. Hoy Izy amin'izy ireo: *«...dia ho avy indray ka handray anareo ho any amiko, ka izay itoerako no hitoeranareo koa.»* (Jaona 14:3). Tena ankatoky ny ho tanteraka io tranga lehibe indrindra ao amin'ny Tantaran'ny famonjena io, ankehitriny. Araka ireo vaovaon'ny hainoamanjery faran'ny taona 1995, an-tapitrisa maro ireo olona izay miandry io tranga io. Saingy misy koa ireo mpitarika fivavahana mientanentam-poana, toy ny an'ny *"Ordre*

du temple solaire", izay nitarika famonoantena an'olona 53 tamin'ny oktobra 1994, ary 16 hafa ny desambra 1995. Araka ny nasehon'ny hainoamanjery, dia indimy isan'andro ireo no nivavaka, nisatroka ny sarondohan'ny "*Ordre"*, ary nandray ny Fanasana isan'andro. Tsy inona anefa ireo, fa mpisandoka, izay misy hatrany mitsangana, ary manala-baraka ny finoana tena izy. Kanefa, misy koa ireo mpino ara-Baiboly, izay miandry an-kafaliana ny Fiverenan'i Jesosy-Kristy, ka miezaka manana fiainana tsotra. Ireto farany dia mahonon-tena, ary marina sy mangarahara amin'izay rehetra ataony.

Ny mahafantatra raha mialoha sa aorian'ny fiovana taonarivo, no hitranga ny Fiverenan'i Kristy sy ny rehetra manodididna izany, dia an'Andriamanitra irery. Kanefa ireo famantarana ny fotoana, izay tokony tsy amaivanintsika, dia milaza mazava tsara amintsika fa efa mandroso be ny fotoana. **Ny mamaritra daty, toy ny efa nataon'olona taloha, dia tsy mety —isaorana Andriamanitra – sady tsy mahasoa na kely aza**. Ohatra fotsiny, ao amin'ireo faminaniana ara-Baiboly dia isaina ho 360 andro ny iray taona, kanefa 365 izany ao amin'ny fampiasana mahazatra. Izany sahady dia efa hitarika elanelana be dia be. **Ny mitoetra, dia tsy misy ankoatra an'Andriamanitra no mahafantatra ny andro sy ny ora**. Saingy ireo Soratra Masina dia manome faminaniana mazava tsara mba ho tondrozotra ho antsika.

Tamin'ny Fiavian'i Kristy voalohany, dia faminaniana 100 tao amin'ny Testamenta Taloha no tanteraka. Ireo teboka lehibe rehetra nikasika Azy dia efa voambara mialoha tao amin'ny Testamenta Taloha avokoa: nanomboka tamin'ny Fitorontoronina Azy mahagaga, sy ny Fahaterahany tao Betlehema. Ny Minisiterany, sy ireo fahoriana izay niharetany sy ny Fahafatesany, hatramin'ny Fitsanganany tamin'ny maty, ary ny Fiakarany, dia efa voambara mialoha tao amin'ny Testamenta Taloha. Mbola toy izany ihany no hita amin'ny fotoanan'ny Fiavian'i Kristy faharoa. Tena manaitra ny mamaky ireo andalana ao amin'ny Baiboly izay miresaka izany, kanefa efa mitranga ankehitriny.

Roa arivo taona lasa, ny apostoly Petera, tao am-Panahy, dia efa nahita sahady fa, amin'ireo andro mialoha ny Fiverenan'i Kristy, ny olona dia hamingavinga ny Fiaviany. Ary izany no ataon'ny olona ankehitriny. Ary ny ahitana ireo mpitsikera lehibe indrindra dia ao amin'ireo teolojiana tsimpino izay tsy mahafantatra ny drafi-panavotana napetrak'Andriamanitra, toy ny tsifahafantarany koa ny fomba nanoratan'Andriamanitra ireo Soratra Masina. Milaza izy ireo, ohatra, fa diso hatramin'ny toko farany an'ny Testamenta Vaovao ireo apostoly, ary na i Jesosy mihitsy aza, raha milaza Izy hoe: *«Indro, avy faingana Aho!»*. Saingy ny Baiboly dia voasoratra amin'ny fomba maha marina Azy amin'ny fotoana rehetra. Ny Teny voasoratra rehetra dia azo toriana sy inoana mandritra ny Andron'ny Fahasoavana manontolo, **hatramin'ny fotoana** izay tena hitrangan'ilay zavatra voambara fa hitranga.

Manantitra izany lohahevitra izany i Petera, raha miteny hoe: *«... fantatrareo voalohany indrindra fa amin'ny andro*

farany dia hisy mpaniratsira avy haniratsira, mandeha araka ny filany ka manao hoe: ***Aiza ny teny fikasana ny amin'ny fihaviany?*** *...»* (2 Petera 3:3-4) Izy ihany no mamaly izany fanontaniana izany, hoe: «***Ny Tompo tsy mahela ny teny fikasany****, araka izay ataon'ny sasany ho fahelany; fa mahari-po aminareo Izy, ka tsy tiany hisy ho very, fa mba ho tonga amin'ny fibebahana izy rehetra,»* (2 Petera 3:9) Kanefa kosa, kely sisa ny fotoana ho an'ireo mpaniratsira, fa hivadika ho hikiaka sy fikotroha-nify ireo fihomehezany sy ireo fitenanandratsiny. *«Aza mety hofitahina ianareo; Andriamanitra tsy azo vazivazina, fa izay afafin'ny olona no hojinjany.»* (Galatiana 6:7). Araka ny fanambaran'ireo Soratra Masina, dia hiverina tsy ho ela i Kristy, toy ny efa nampanantenainy, ary hampakatra ireo Azy amim-boninahitra Izy (1 Tes.4), mialohan'ny hanombohan'ny fahoriambe (1 Tes. 1:10).

Talohan'ny nandehanan'ny Tompo Jesosy nialoha antsika any amin'ny voninahitra, dia nampanantena ireo Azy Izy fa hiverina ka haka azy ireo ho any Aminy (Jaona 14). Amin'ny Fiverenany, ireo zanak'Andriamanitra rehetra izay efa natory tao amin'ny finoana an'i Kristy, ary manana anjara amin'ny "fitsanganana voalohany", dia hatsangana amin'ny maty, ary ireo izay velona amin'ny finoana an'i Kristy kosa hovana, ary izy rehetra hiaraka hitsena Azy mba honina any Aminy mandrakizay (1 Tes. 4 ;13-18). Hibanjina Azy ireo, ary hovana ho amin'ny Endriny (1 Jaona 3). Ny hahatanteraka izany dia azo antoka toy ny fisian'ny fanambarana izany mialoha ao amin'ny Tenin' Andriamanitra.

NY VONINAHITRY NY VOAHARY

Efa tamin'ny famoronana ny voahary no niatombohan'ny Drafi-panavotan'Andriamanitra. Isika rehetra dia efa samy nitolagaga teo anoloan'ny voninahitry ny voahary. Ny mampalahelo nefa, dia tsy ny rehetra no manaiky ny lojikan'ilay Mpamorona, na samy mahalala aza fa tsy misy famantaranandro, raha tsy misy aloha mpanamboatra famantaranandro. Toy izany koa ny tsy maintsy isian'ny mpanao trano vao mahavita trano fonenana, sy ny sisa. Fantatry ny rehetra fa nanomboka nisalasala ny amin'ny fisian'Andriamanitra ny olombelona, rehefa nahavita zavatra lehibe isan-karazany izay toy ny tsy mety ho vitany. Nisalasalany ny fitantarana ny famoronana, ary nolazainy fa tsy mety inoana, ary izany indrindra hatramin'ny namoahan'i *Darwin* ireo vokatry ny fikarohany, ny taona 1859. Tato amin'ireo taonjato farany, ireo filozofy tsimpino ireo dia nahavita nandresy lahatra ny olona tamin'ireo fampianarany nanohitra, ary tamin'izany no nandatsahany ny olona tao amin'ny tsifinoana. Tsy fantatra intsony Andriamanitra, fa ny olona no nasandratra. Nolazaina mihitsy aza fa ny zavatra rehetra dia nisy ho-azy. Izay olona mino izany dia tokony hino koa fa ny tenany dia tsy nateraky ny ray sy reniny, fa nisy ho-azy, vokatry ny fivoarana.

Iza rê no afaka hisaina fa ny erana manontolo, amin'ny habeny tsy mety refesina, amin'ireo kintany tsy hita isa, kanefa manana firindrana tonga lafatra, dia nisy ho-azy, tamin'ny fipoahana iray niandohana, ohatra? Hatramin'izao dia tsy nisy afaka niseho ho nahefa nampitombo,

na kely indrindra aza, izany voninahitry ny voahary izany. Heverontsika ange ireo zavamanan'aina any anaty ranomasina, izay nomena toejavatra iainany mifanaraka tanteraka amin'izay ilainy. Na koa sainintsika ireo karazam-biby sy vorona an-tapitrisany miaina any amin'ny kontinanta rehetra any, amin'ny toe-tany sy toetrandron'ny toerana natao onenany samy hafa, kanefa samy mifanaraka tanteraka amin'ny fomba fiainany avy.

Toy ny nanomoronan'Andriamanitra azy sy nandaminany azy, tany am-piandohana, tamin'ny alàlan'ny Teniny-Tsitoha, no mbola ijanonan'ny zavatra rehetra ankehitriny. Hatramin'ny namoronana ny tany, dia mamafy sy mijinja ny olona isan-taona, araka izay nandaminan' Andriamanitra izany tany am-piandohana: *«Raha mbola maharitra koa ny tany, dia tsy hanam-pitsaharana ny taom-pamafazana sy ny taom-pijinjana, ary ny hatsiaka sy ny hafanana ary ny fahavaratra sy ny ririnina, ary ny andro sy ny alina.»* (Genesisy 8:22). Ny korontana sy safotofoto dia tsy tonga ao amin'ny voahary, afa-tsy eo amin'izay ihetsehan'ny olombelona tsy an-kiheverana. An-davitrisa maro ny olona no mihinana isan'andro, ary raha voazara ara-drariny ny hanina, dia tsy hisy hijaly nohon'ny hanoanana. Tsy vitan'ny mamelona zavamanan'aina maro tsy tambo isaina Andriamanitra isan'andro, fa mbola mitoriteny mahery amintsika mikasika ny fiainana, fahafatesana, fitsanganana amin'ny maty, amin'ny alàlan'ny voahary. Isaky ny lohataona, dia tonga indray ny aim-baovao iray, izay hitondra voankazo vaovao. Dia tonga avy eo ny fahavaratra sy ireo vokatra lehibe izay entiny. Avy eo dia ny fararano izay manintsana ny ravin'ireo hazo, ary maty ny natiora. Dia tonga ny torimason'ny ririnina, izay tsy maintsy arahin'ny fifohazan'ny lohataona, mba itohizan'izany indray. *«Satria izay fantatra ny amin'Andriamanitra dia miseho ao am-pon'ireny, fa nasehon' Andriamanitra taminy. Fa ny fombany tsy hita, dia ny heriny mandrakizay sy ny mah'Andriamanitra Azy, dia miseho hatramin'ny nanaovana izao tontolo izao, fa fantatra amin'ny zavatra nataony; ka dia tsy manan-kalahatra ireo»* (Romana 1:19-20)

Toy izany koa, mipetraka mandrakizay fa ny zavamanan'aina rehetra dia manaranaka araka ny karazany avy. Ankehitriny àry, ny voa izay afafafy dia mbola tsy hafa amin'ilay nivoaky ny tany voalohany ihany, tamin'ny famoronana. Mbola ireo hazo voalohany ihany no maniry, ary mamokatra voankazo tsy hafa amin'ny voalohany, ary mbola ireo karazam-biby voalohany ihany no velona eto amin'ny tany. Ireo olombelona, ny tampon'ny famoronana, ankehitriny dia tsy hafa amin'ny Adama sy Eva ihany tamin'ny androny. Nomen'Andriamanitra ny fahafaha-mamorona izy ireo, ary voaporofo hatrany izany nandritra ireo taonjato lasa, indrindra, tato amin'ny dimampolo taona farany. Niainga tamin'ny sarety taritim-biby isika, dia tonga tamin'ny fiaramanidina, ary farany tonga amin'ny sambondanitra. Ny olombelona, dia tokony ho afaka hanatanteraka izay rehetra tiany atao, araka ny nolazain'Andriamanitra, hoe: *«... koa izao dia tsy hisy azo sakanana na inona na inona izay saintsaininy hatao.»* (Genesisy 11:6b). Nahatsapa izany

manokana aho ny 9 desambra 1995, raha tao *Berlin* ny mpamory an'ny *Appolo* 16, ny Jeneraly misotro-ronono *Dr Charles Duke*, niresaka ny diany teny amin'ny volana ny aprily 1972.

Tokana ny zavatra tsy hain'ny olombelona, dia ny mamorona aina. Ireo izay mino ny *évolution*, ka miresaka fisiana sela voalohany niandohana, ve tsy tokony hilaza amintsika iza no namorona io sela voalohany io, ary nametraka aina tao anatiny? Azo anontaniana azy ireo koa iza no nanome ny fahafaha-manaranaka an'ny zavamanan'aina rehetra? Nahoana àry ireo tsimpino ireo tsy manamboatra vary ka mamafy izany? —Satria fantany tsara fa tsy hitsimoka izany, noho izany tsy manana aina ao aminy. Na iza na iza olona vory saina tsara, eo anoloan'ny voahary, lehibe sy mahagaga ary mahery, dia tokony ho resy lahatra tanteraka amin'ny fisian'ny Mpamorona-Tsitoha iray. Raha tsy nihataka tAminy ny olombelona, dia ho afaka nino ny Teniny, ary ho afaka namantatra ny fijoroam-bavolombelon'ny voahary izay eo ambanin'ny masontsika isan'andro. Ho an'ireo rehetra mendrika ny Fiainana mandrakizay, Andriamanitra sy ny Teniny dia mitoetra ho marina sy azo itokiana mandrakizay.

NATAO HIAINA AMIM-PIOMBONANA AMIN'ANDRIAMANITRA

Raha ny sitrapon'Andriamanitra, hatramin'ny voalohany, dia natao hihaina amim-piombonana Aminy ny olombelona. Izany no mahatonga azy ireo manam-paniriana hitsaoka Zavatra iray lehibe noho izy, na inona ny fireneny, na inona ny fivavahany. Ny rehetra dia samy mahatsapa filàna hitsaoka, na samy hafa aza ny fomba anaovany izany. Raha tsy mahita zavatra ivavahana ny olona, dia hitodika amin'ny mamona, na fanaranambatana iray, na fanatanjahantena, na fandanian'andro iray izay tiany, na koa amin'ny sampy. Io hetaheta lalina ao amin'ny olon-drehetra io, na mamankarena izy, na mahantra, dia tsy mety ho afaka, raha tsy amin'ny zavatra iray avy amin'Andriamanitra.

Ireo mpino Jiosy dia mivavaka amin'ilay Andriamanitra izay niseho manokana taminy ho Andriamanitr'Isiraely, tamin'ny andron'i Mosesy. Ny tena Jiosy iray dia tsy afaka hino afa-tsy amin'Andriamanitra tokana, satria Izy mihitsy no nilaza hoe: *«Mihainoa, ry Isiraely: Jehovah Andriamanitsika dia Jehovah iray ihany.»* (Deotoronomia 6:4). In-6700, ao amin'ny Testamenta Taloha, no voasoratra hoe: "Jehovah-Andriamanitra" — "*Yahweh-Elohim"*. Ireo Jiosy mpino ara-Baiboly dia miandry, amin'ny fotoana rehetra, ny fiavian'ny Mesia sy ny fanamboarana indray ny Tempoly, araka ny nampanantenain'i Jehovah azy.

Ireo silamo ihany koa, dia mivavaka amin'Andriamanitra tokana, izay antsoiny hoe *Allah*. Mahometa, mpaminaniny, dia nino fa ny Mesia dia nateraky ny Fanahy Masina, saingy notsipahiny ny fanomboana an'ny Kristy tamin'ny hajazofijaliana. Aminy Izy dia mpaminany lehibe sy irak'Andriamanitra iray fotsiny ihany, izay nalain'Andriamanitra rehefa vita ny Asany, fa tsy noheveriny ho Izy no ilay Tompo sy Mpamonjy. Nitory ny

fisian'Andriamanitra tokana i Mahometa, saingy izy dia tsy namantatra ny fisehoan'Andriamanitra tao amin'i Kristy, sy ny nilàna ny fanavotana.

Ireo *hindous* dia mino ny fisiana telo-izay-iray lehibe, misy an'i *Brahma*, mpamorona, *Vishna*, mpitahiry, sy *Shiva*, mpanimba sy mpanavao, ary andriamanitra madinika maro be. Izy ireo dia matoky ny fampianarana milaza fa ny olona dia mbola hiverina velona indray, mety amin'ny endrika biby, ka amin'ny alàlan'izany fiovam-panadiovana misesy izany no ahatongavany amin'ny tanjona. Mino ny fiverenana ho velona toy izany koa ireo *Bouddhistes*, fa ny fanavotana azy kosa dia ankininy amin'ny fandinihan-tena *(méditation)*. Eo koa, toy ny ao amin'ny Silamo sy ny *Hindouisme*, dia tsy mba ahitana hafatra avy amin'Andriamanitra maneho fanavotana, na fanantenana ho amin'ny mandrakizay, arahana fahazoana antoka handresy ny fahafatesana. Kanefa ve tsy fivavahana foana ny fivavahana iray izay tsy misy fanavotana, na fanantenana marina?

Ny zava-dehibe, dia ny "sitrapon'Andriamanitra" naseho ary nohamarinina, izay tsy maintsy eken'ny olombelona idirana. Nisy fotoana, tao Paradisa tao, izay niainan'ireo olombelona voalohany tamim-piombonana nivantana tamin'Andriamanitra. Tao anatin'izany toetra voalohan'ny tsifananan-tsiny izany izy ireo, dia tsy mba nahalala, na fahoriana, na fanaintainana, na aretina, na fahafatesana. Satria zavaboaharin'ilay Andriamanitra mandrakizay izy ireo, dia voatendry hiaina mandrakizay koa. Ary ilay Andriamanitra mandrakizay dia nanome azy ireo ny fahafahana nanapakevitra irery, izay nidika na fiainana na fahafatesana. Afaka nifidy tamin'ny tsara sy ny ratsy izy ireo, tamin'ny fankatoavana sy ny tsifankatoavana, ny lalàna sy ny tsifinoana. Mbola toy izany ihany ankehitriny, amin'ny tsirairay amintsika. Hatra tany am-boalohany, ny zava-dehibe dia ny fankatoavana, ary mampalahelo, saingy indrisy, teo no nahalavo ny olombelona: Eva voalohany, ary Adama avy teo. Nihaino ireo lainga sy fanangolen'i Satana, izay naka ny endriky ny menarana i Eva, ka voafitaka, latsaka tao amin'ny fahotana, ary nisarika an'i Adama niaraka taminy. Tanteraka àry ny fahotana voalohany, ka rehefa nandika ireo didin'Andriamanitra izy mivady, dia latsaka tao ambanin'ny fahefan'ilay ratsy, ka tsy maintsy maty noho izany. Dia notanterahin'ilay Andriamanitra mandrakizay ny fampitandremana efa nolazainy, koa noroahiny niala ny saha Edena izy mivady. Rava ny fiombonana tAminy, ary tonga tamin'ny zanakolombelona rehetra ny fahoriana, ny aretina, sy ny fahafatesana, na teo aza ny fampanantenana nataon'ny fahavalo, hoe; *«Tsy ho faty akory ianareo ...ka ho tahaka an'Andriamanitra ianareo…»* (Genesisy 3:4,5)

Tsy misy olona mahazo hanala-tena hilaza hoe; «Tsy meloka amin'izany aho». Satria, ny lehilahy rehetra sy ny vehivavy rehetra, ny tovolahy sy tovovavy rehetra, raha teo amin'ny toeran'i Adama sy Eva, dia ho nanao tsy misy valaka amin'ny nataon'ireo —ary mbola toy izany ihany no ataon'izy ireo ankehitriny. Fantatr'Andriamanitra ny olombelona, ary hainy fa tsy misy, na tokana aza,

afaka hankatò, amin'ny herin'ny tenany, ireo Didiny sy Lalàny. Saingy, noho ny Fahamarinany, dia nomeny antsika izany mba hanekentsika fa mpanota isika sady tsy mpankatò Azy.

Raha tsy nisy ireo lalàn'Andriamanitra ireo, dia tsy nisy olona hohelohina noho ny tsifankatoavana, ary tsy hisy olona hila famelana ny helony sy famonjena azy. Isika rehetra, raha tonga amin'ity tontolo ity, dia samy efa tafasaraka tamin'Andriamanitra ary very, nanalavitra Azy, ary izany no anton'ny ilantsika ny famonjena sy ny fihavanana indray Aminy. Ny fieritreretan'ny tsirairay dia manentana azy, na ireo izay tsy mba nandre ny Hafatr'Andriamanitra aza, na namaky ny Baiboly: Ny tsirairay dia mahafantatra tsara rehefa mandainga izy, na mamitaka, na mangalatra, na manao zavatra hafa voarara. Isika rehetra dia samy nanao ny tsy mety tamin'Andriamanitra avokoa, na ireo manankarena, na ireo mahantra, na ny tsara fanahy, na ny ratsy fanahy. Aoka tsy hisy hihevi-tena ho tsy-ratsy-loatra, noho izy tsy namono olona, na nangalatra, na nanao ratsy olona. Efa voatonona tamin'ny tsirairay ny fitsaran'Andriamanitra marina, ary tsy maintsy maty ny rehetra, noho izany antony izany. Tsy misy ao amin'ny fiainana, zavatra tsy azo ialàna toy ny fahafatesana. *«Ary tahaka ny nanendrena ny olona ny ho faty indray mandeha, ary rehefa afaka izany, dia hisy fitsarana…»* (Hebreo 9:27). Tompon'andraikitra amin'izay ataontsika isika.

Tapaka ny firaisana tamin'Andriamanitra noho ilay fahalavoana tamin'ny fahotana. Na izany aza, Ahdriamanitra dia efa nihevitra antsika, ary efa nanokatra làlana ahatongavana Aminy amin'ny alàlan'Ilay afaka miteny hoe: *« Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana; tsy misy olona mankany amin'ny Ray, afa-tsy amin'ny alalako.»* (Jaona 14:6). Noho ny Fitiavany tsy misy fetra sy ny Fiantrany, dia tonga tamintsika Jehovah, mba ahafahantsika ho tonga Aminy.

Satria tato amin'ity vatana-tany ity no nanotantsika, dia tsy maintsy naka vatana toy ny antsika koa Andriamanitra, mba ho mpisolo-toerana an'ny zanakolombelona rehetra, Izy ilay tokana tsy-manan-tsiny, nandray ny fahotantsika rehetra, ary nampihavana antsika tamin'Andriamanitra. Izany no tanteraka tao amin'i Jesosy-Kristy Tompontsika, Ilay mbola miantso ankehitriny, hoe: *«Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.»* (Matio 11:28). Ireo olona izay mamaly ny Antsony, ka manatona Azy àry, rehefa ho eo am-bavahoana, dia afaka manankina ny fanahiny Aminy, ary ahazo antoka fa handre ity valiny ity ihany: *«Lazaiko aminao marina tokoa: Anio no hihaonanao amiko any Paradisa.»* (Lioka 23:43). Tsy isalasalana koa anefa, izay manao fanahy iniana miaina tsy ao Aminy, dia ho faty tsy ao Aminy. Tsy misy sambatra afa-tsy ireo izay miaina miaraka amin'i Kristy, ary maty ao Aminy (Rom. 14:7-8; Apok.14:13)

HETSIKA MAHAGAGA AN'ANDRIAMANITRA

Ny nahatongavan'ny Mpamonjy ho nofo dia hetsika mahagaga izay nataon'Andriamanitra tato amin'ny

tontolo voajanahary. Maria dia teraka tato amin'ity tontolo ity, toy ny zavamanan'aina rehetra, ary nila ny famonjena ihany koa izy. Fa fotsiny, voafidin'Andriamanitra izy mba ho sinytany nametrahana ny Voan'Andriamanitra mba ***ho tonga nofo ny Teny***. Nila niaina ny famonjena ihany koa i Maria, ary tsy maintsy tao amin'ny efitra avo tao Jerosalema izy, anisan'ireo 120 nandray ny batisan'ny Fanahy Masina, traikefa izay ampahany ao amin'ny famonjena (Asa 1:14 sy ny hafa).

Tsy manana fomba famonjena afa-tsy tokana Andriamanitra, ary izany dia tsy maintsy mifandraika amin'ny finoana ny Teny nampanantenaina. Nino ny hafatr'Andriamanitra nentin'ny anjely Gabriela i Maria, ka hoy izy hoe: *« Inty ny ankizivavin'ny Tompo; aoka anie ho tonga amiko araka ny teninao.»* (Lioka 1:38). Toy izany no nahatonga ny Teny ho nofo, sy nahateraka ny Zanakalahin'Andriamanitra. Toy izany koa no tsy maintsy inoan'ny lehilahy sy ny vehivavy rehetra, anolorany ny tenany amin'Andriamanitra, ary andraisany ao aminy ny Teny fikasana. Tsy misy afa-tsy izany fomba izany no ahaterahan'ny fiainana arak'Andriamanitra ao aminy, izay ataon'ny Fanahy, amin'ny alàlan'ny fahateraham-baovao. Tsy nisy intsony niresaka an'i Maria, na taiza na taiza ao amin'ny Baiboly; na indray mandeha aza, na i Petera, na i Jaona, na i Jakoba, na Paoly aza, na ny hafa, taorian'ny fanorenana ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao, tamin'ny alàlan'ny filatsahan'ny Fanahy Masina, ny andro Pentekosta. Efa nahavita ny anjara asany fotsiny izy. Hatra teo, dia tsy misy intsony resahina, afa-tsy i Jesosy, ilay Kristy, ilay hany tokana Mpamonjy, hany tokana Mpanalàlana. Ny *"Mariologie" [fiheverana an'i Maria ho renin'Andriamanitra]* dia tsy misy ifandraisana, na kely aza, amin'ny Baiboly, ary mipetraka ho fanoherana an'i Jesosy-Kristy.

Raha ny lafin'ny fanahy, dia Andriamanitra i Jesosy, fa olombelona kosa Izy raha ny lafin'ny ara-nofo. Masina tanteraka ary tsy nisy fahotana Izy, ka izany no nahafahany nivesatra ny fahotana rehetry ny tsirairay amintsika, ka maty nisolo toerana antsika. Tamin'ny alàlan'ny Ràny, izay nisy ny Ain'Andriamanitra, dia nahatanteraka ny fampihavanana Izy, ary nitondra ny famelan-keloka ho an'ny rehetra. Saingy, tsy misy afaka hihaina izany, afa-tsy ireo izay mino izany. Araka izany, dia fanavotana feno, sy famonjena ny fanahy sy ny saina ary ny vatana no tanteraka tao Aminy. Ny Fitsanganany tamin'ny maty, tamin'ny andro fahatelo, no namaranan'Andriamanitra ny asa fanafahana, ary nanamarinany izany. Resy teo ny fahafatesana, sy ny helo ary ny devoly, ka ny Tompo tafatsangana no ilay tena mpandresy tao Golgota. Taorian'ny Fitsanganany, dia niseho tamin'ireo Mpianany nandritry ny efapolo andro Izy, ary nampianatra azy ireo ny amin'ny Fanjakan'ny Lanitra (Asa 1:3). Rehefa izany, dia hitan'ny mason'izy ireo Izy niakatra tany an-danitra (Lioka 24:50-51). Ireo zavamisy nataon'Andriamanitra ireo no vatofantsika tsy mirondrona ho an'ny fanahin'ireo mpino ara-Baiboly rehetra. Ny Fitsanganany tamin'ny maty no fototry ny fitsanganan'ireo rehetra izay Azy. Ny Fiakarany no antoka amin'ny

hiakarantsika hankany amin'ny Lanitra-Tanindrazantsika, mba ho eo akaiky Azy.

Ny Andriamanitra-Tsitoha no efa nanomana Fanjakana mandrakizay ho an'ireo Zanakalahiny sy Zanakavaviny. Ny fahalavoan'ny olombelona dia tsy afaka nanasampona ny planin'Andriamanitra ka nanafoana izany. Fiatoana niserana fotsiny no nisy, izay efa voasoron'Andriamanitra mialoha. Ny zanakolombelona, izay nitsangana nanohitra an'Andriamanitra, ka nitoetra teo ambanin'ny fahefan'i Satana, dia navotan'ny Tompo, ary nampodiany, maimaimpoana. Ny famonjena dia sady zavanisy teo amin'ny tantaran'ny zanakolombelona, no zavanisy tao amin'ny tantaran'ny famonjena. Tamin'ny alalan'ny Filazantsara no nampitana tamin'ny olona ny hafatr'Andriamanitra, izay mamalifaly sy manafaka ny fanahy. Ao aminy no misy ny zavatra rehetra atolotry ny fahasoavan'Andriamanitra amintsika. Noho io fanavotana io, ireo zanak'olona, izay efa voatokana ho faty dieny vao teraka, raha manaiky am-pinoana io famonjena io, dia lasa zanak'Andriamanitra, nateraka indray, ary manana ny fiainana mandrakizay.

Satria mandrakizay ny Fanjakan'Andriamanitra, ireo rehetra teho tafiditra ao dia tsy maintsy manana ny fiainana mandrakizay. Noho izany no tsy maintsy ilàna ny fahaterahambaovao ho an'ny tsirairay, toy ny notakian'ny Tompontsika izany (Jaona 3). Ny Tenin'Andriamanitra no Voa ilaina amin'izany fahaterahana avy any amin'ny Avo izany. Ireo izay mandray am-pinoana feno ny Tenin'Andriamanitra no ahatongavan'ny Fanahy Masina, izay manatanteraka izany fahaterahana ao amin'Andriamanitra izany. Tamin'ny fahaterahana ara-nofo isika dia tonga zavatry ny tany, mety maty: zanak'olona. Amin'ny fahaterahana mahagaga avy amin'ny Fanahy Masina isika dia tonga zanak'Andriamanitra. *«...fa efa teraka indray ianareo, tsy tamin'ny voa mety ho lò, fa tamin'ny tsy mety ho lò, dia ny Tenin'Andriamanitra, izay velona sady maharitra.»* (1 Petera 1:23) Amin'ny fotoana iainantsika ny fahaterahambaovao no manjary zanak'Andriamanitra isika, ary Andriamanitra lasa Raintsika any an-danitra.

Ny olona izay mino ny Tompo ho Mpamonjy araka izany fomba ara-Baiboly izany, dia afaka tena hiaina izany. Misokatra ho an'ny olona rehetra izay manaiky azy izany tolotry ny fahasoavan' Andriamanitra tsy manampaharoa izany, raha mbola tsy tapitra koa ny Andron'ny famonjena. Tsy hay saintsainina ny hamafin'izay hanjo ireo olona izay ho nandà ny famonjena, ho tafasaraka amin'Andriamanitra rehefa hiditra ao amin'ny mandrakizay. Farafahelany, amin'ny fotoana ahafatesany, ny tsirairay —na ireo izay mino fa tsy misy fiainana aorian'ny fahafatesana aza— dia hahatsapa fa tsy tapitra eo ny zavatra.

NY ANTSO FARANY

Alohan'ny hiverenan'i Tompo Jesosy, ny iraka izay nandidiany (Marka 16:14-18), dia tsy maintsy tanterahina indray mandeha farany, manerana izao-tontolo-izao. *«Ary hotorina amin'izao tontolo izao ity filazantsaran'ny fanjakana ity ho vavolombelona amin'ny firenena*

rehetra, dia vao ho tonga ny farany.» (Matio 24:14). Tamin'ny vanimpotoana hafa rehetra, dia tsy natao izany iraka izany tamin'ny alàlan'ny hainoamanjery, toy ny ankehitriny. Izany dia naseho tamin'ny endrika fanoharana, tamin'i Jaona mpahita, tao amin'ny nosy Patmo: *«Ary hitako fa, indro, nisy anjely iray koa nanidina teo afovoan'ny lanitra, nanana* ***filazantsara mandrakizay*** *hotorina amin'izay monina ambonin'ny tany sy amin'ny firenena sy ny fokom-pirenena sy ny samy hafa fiteny ary ny olona rehetra,»* (Apokalypsy 14:6)

Tokony ho fantatry ny rehetra, fa hatramin'ny Reformasiona, dia nisy fifohazam-panahy vaovao hatrany no tonga, lalina kokoa hatrany. Ny olona nampahafantarina izany, dia mahalala fa, tamin'ny fiandohan'ity taonjato ity, dia nisy hetsiky ny Fanahy mahery iray niantomboka nanerana ny tany, taorian'ny ady lehibe faharoa; Nisy fisokafana tena niavaka ho amin'ny tena fitoriantenin'ireo Apostoly voalohany.

Mialoha ny tranga manokana iray, Andriamanitra dia maniraka ireo mpaminany Mpanompony, izay nilazany ny Zavamiafiny *(Amosa 3:7)*. Amin'izany indrindra no isainantsika an'i Noa, sy Mosesy, ary ireo mpanompo hafa rehetra, izay nitsangana nandritra ny Tantaran'ny Fiangonana. Araka ny efa nampanantenaina ao amin'ny Isaia 40:3 sy Malakia 3:1, izay nohamarinin'i Jesosy-Kristy ao amin'ireo Filazantsara, dia nitsangana ho mpialoha làlana i Jaona mpanao batisa, talohan'ny niavian'i Kristy voalohany, nitondra "hafatra mpanondro" iray, nanomanana ny Làlany. Io minisitera io no lehibe indrindra ao amin'ny tantaran'ny famonjena, ary mifandray mivantana amin'ny Fanjakan' Andriamanitra. Amin'izao fiafaran'ny andron'ny fahasoavana izao, mialoha ny Fiaviana faharoa an'i Kristy, dia nanatantateraka ny teny fikasany toy izany koa Andriamanitra, ary nandefa iraka mitovy lanja amin'i Elia, dieny mbola tsy tonga ny "Andron'i Jehovah", araka ny voambaran'ny Malakia 3:19-24, mitondra ny "hafatry ny Teny voambara ho an'izao andro izao". Jesosy-Kristy mihitsy no nanamarina izany teny fikasana izany, raha mbola tsy tonga akory izany, ao amin'ny Matio 17:11, toy ny nanamarinany ny minisiteran'i Jaona mpanao batisa, izay vao avy naseho (andininy 12). **Araka izany, ny misy ankehitriny dia ny fanomanana ny làlan'ny Tompo sy fampodiana ny fon'ireo zanak'Andriamanitra ho amin'ireo fampianarana sy fampiharan'ireo ray-apostoly. Tamin'ny andron'i Jaona mpanao batisa dia ny nampody ny fon'ireo ray ao amin'ny Testamenta Taloha ho amin'ireo zanaky ny Fanekena Vaovao** (Lioka 1:16-17). Ny atrehintsika ankehitriny dia ny famaranana ny tantaran'ny famonjena, izay mitondra ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao ho tonga amin'ny fahatanterahana.

Nyminisiteran'nylehilahin'Andriamanitra fanta-daza *William Branham* (1909-1965) izay voamarina tamin'ny fomba mahagaga, ary nahazoako tombontsoa manokana dia nahitana ireo famantarana rehetra an'apostoly sy ana mpaminany. Izany minisitera izany dia manambara fa tanteraka teo imasontsika ireo Soratra Masina. Nisy ireo zava-mahagaga

nitranga tao amin'ny minisiterany, izay mampatsiahy antsika ny minisiteram-paminanian'i Jesosy Tompontsika ao amin'ireo Filazantsara, ary koa ireo tranga voatantara ao amin'ny Asan'ny Apostoly. Afaka mijoro vavolombelona amin'izany koa ny ankamaroan'ireo olo-malaza ao amin'ny sehatry ny fifohazam-panahy, satria ireo dia nahita maso sy nandre sofina ireny zavatra ireny. Ny voalohany nanao izany, tamin'ny zavatra hitany tany aminy fiafaran'ireo taona efapolo, dia ny *Reverend Gordon Lindsay,* ao *Dallas,* any *Texas*, Etazonia, izy no ilay mpanonta ny gazetiboky malaza eran-tany, *Voice of Healing*. Ny taona 1950 izy no namoaka ny boky "*Wlliam Branham*, lehilahy iray nirahin'Andriamanitra". Ny fampianarana sy fampiharan'io lehilahin'Andriamanitra mpanetri-tena io dia nifanaraka tanteraka tamin'ireo an'ny apostoly sy mpaminany voambara ao amin'ny Baiboly. Anatrehan'izany, ireo rehetra izay mitsikera an'i *Wlliam Branham* dia tokony handinika lalina tsara.

Ireo fiangonam-panjakana lehibe rehetra, sy ireo fikambanana kristiana hafa, dia voarambin'io fifohazam-panahy io avokoa, izay nanomboka ny taona 1946. An-jatony maro ireo evanjelisitra nahazo tolo-tsaina tamin'io minisiterany io, ary niditra mihitsy aza, tamin'io karazan'asam-panompoana io. Hatramin'io fotoana io, dia maro ireo tafika fitoriana Filazantsara iraisam-piangonana no natao manerantany, toy ireo fanaon'ireo "Lehilahy Mpandraharaha an'ny Filazantsara feno", sy ireo seho karismatika. Ankehitriny, "ny asan'ny Fanahy" sy ny "ny vavaka ho an'ny marary", sns, dia tsy any amin'ny vondrona kristiana madinika fotsiny no ahitana ireo, fa efa mihanaka be ny fampiharana azy, ary na ireo hainoamanjery aza dia mahafantatra sy miresaka ireny. Kanefa ireo fiangonam-panjakana sy ireo tsy miankina matetika, saingy tsy fantatr'izy ireo, dia tafiditra amina fampianarana sy fomba tsy ara-Baiboly,.

Raha manamarina ny Teniny Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny fanasitranana, eo anivon'ireo mpino izay mihaino, tsy mbola porofo izany fa marina ny fampianaran'ilay evanjelistra, na ny an'ilay manao fahagagana. Izany fotsiny manaporofo fa mahatoky Andriamanitra, fa Izy dia manatanteraka ireo Teny fikasany amin'ireo izay mino Azy.

Ny fitahian'Andriamanitra dia tonga amin'ireo izay miandrandra izany, satria *«Izy mampiposaka ny masoandrony amin'ny ratsy fanahy sy ny tsara fanahy ary mampilatsaka ny ranonorana amin'ny marina sy ny tsy marina.»* (Matio 5:45). Ny tenin'Andriamanitra dia manazava antsika amin'izany teboka izany: *«Ny voany no hahafantaranareo azy.»* (Matio 7:16). Araka izany, ny porofo dia tsy avy amin'ny fanomezam-pahasoavan'ny Fanahy, izay mety raisina na alain-tahaka, fa kosa avy amin'ireo vokatry ny Fanahy (Gal.5:22-23), izay ilaina hitombo hanambarana inona tokoa ilay "hazo". Tsy ny orana ara-panahy no foto-javatra amin'izany fa tena **ilay karazana voa misy ao amin'ny fo** izay irotsahan'io orana io, satria ny voa tsirairay dia manaranaka araka ny karazany. Na ny voa tsara, na ny voa ratsy, dia samy maniry eo amin'ny sahan'izao-tontolo-izao avy. Hoy ny Tompo: *«Aoka ihany hiara-*

maniry izy roroa ambara-pihavin'ny fararano.» (Matio 13:30). Amin'ny fijinjana, dia hangonina hatao amboarany ny tsimparifary, ary hodorana, fa ny vary kosa hampakarina ao an-tSompitrany. Tsy maintsy ho tanteraka ihany koa ity Tenin'ny Tompo iray ity: *«Maro no hanao amiko amin'izany andro izany hoe: Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin'ny anaranao va izahay? ary tsy efa namoaka demonia tamin'ny anaranao va izahay? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin'ny anaranao va izahay? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay; mialà amiko, ianareo mpanao meloka.»* (Matio 7:22-23)

Araka ny voalazan'ny Tompontsika, dia mifanila ny marina sy ny sandoka. Ary tena mifanakaiky amin'ny marina aza ny sandoka, ka izay no ahafahana miteny hoe: "Ato i Kristy" na "Arỳ i Kristy". Fa mampitandrina antsika Jesosy amin'ity teny ity: *«Fa hisy Kristy sandoka* (Voahosotra sandoka)*»* (Marka 13:22). Ny marina anefa dia tsy misy fanatrehan'Andriamanitra, afa-tsy eo amin'izay ahafahany manoro ny Làlany, sy mahatanteraka ny Sitrapony, eo amin'izay misy ny Teniny sy ny Fanahiny, ary mifanaraka amin'ny Baiboly ny fampianarana sy ny fampiharana.

Raha ny famantarana sy fahagagana fotsiny ihany dia tsy masontsivana. Ny fihetsiketsehana sy fientanentanana dia tsinontsinona amin'Andriamanitra. Aminy dia tsy maintsy mifanaraka amin'ny Soratra Masina ny zavatra rehetra. Ankehitriny àry, dia tsy maintsy atao izay hiverenana amin'ny fitoriana ny Teny tamin'ny andron'ireo apostoly, ka izany no tsy maintsy hamerina ireo fampiharana, sy ny finoana izay avy amin'ny Soratra Masina, tsy mifotottra afa-tsy amin'ny Tenin'Andriamanitra, ary mifantsika amin'i Jesosy-Kristy.

Amim-panajana lalina no tsy maintsy hamantaran'ireo izay tena matahotra Andriamanitra, sy hinoany ireo teny fikasana nomena ny Fiangonan'i Jesosy-Kristy ho an'izao vanimpotoana farany izao, ary hiandrasany ny fahantanterahan'izany, ka hiainany izany. Tsy afaka hiverina Kristy, raha tsy efa milamina ara-Baiboly avokoa aloha ny zavatra rehetra, izany hoe araka ny modelin'ny Fiangonana voalohany, ary ho tafaverina ny zavatra rehetra toy ny voasoratra ao amin'ny Asa 3:21: *«Ilay tsy maintsy horaisin'ny lanitra mandra-pihavin'ny andro fampodiana ny zavatra rehetra, izay nampilazain' Andriamanitra ny mpaminaniny masina hatramin'ny voalohany indrindra.»*

Any amin'ny farany indrindra, alohan'ny Fiverenan'i Kristy, dia hisy vondrona mpino, tsy manana endrika lamim-piangonana, no hivoaka mba hankeo ambany fifehezana mivantana an'i Kristy, izay Lohany. Ao amin'ny Fiangonan'ny Tompo, dia efa antomotra ny fotoanan'ny fisokafana lehibe hitoriana sy hampiharana tsy misy marimaritra iraisana ny Kristianisma voalohany, araka ny modelin'ny Asan'ny Apostoly, ary izany no ho "famaranana ny Reformasiona". Toy ny tany am-piandohana, tamin'ny andron'ireo apostoly, dia tsy maintsy ho toy izany indray amin'ny farany. Ho an'ny Fiangonan'ny Testamenta Vaovao,

dia ny Bokin'ny Asan'ny Apostoly no modely tokana manan-kery eo anatrehan'Andriamanitra.

FANAON-DRAZANA LOVAIN'OLONA

Hatreo am-pahaterahany ny olona tsirairay dia efa manana ny foto-pisainany na ny fiheverany an'izao-tontolo-izao, ary ny ankamaroan'ny olona dia tsy miova amin'izany hatramin'ny fahafatesany, ary koa tsy mba nisaintsaintsaina, na nandinika indray mandeha monja ny amin'ny fahamarinana na ny fahadisoan'izany. Tsara kokoa, hoy izy ireny, ny mijanona ho mahatoky amin'ny fanao nolovany tamin'ny razany. Maro amin'ireo izay mananatanteraka ny adidim-pivavahany no tsy te-hokotabaina mikasika ny finoany an'Andriamanitra. Ny anton'izany fisainana sy fihetsika izany, dia tsy lavitra no itadiavana azy, fa ao amin'ireo fivavahana ireo ihany, voalohany. Ny zavatra nipetraka manko dia ireo mpitarika fivavahana ihany no mandamina ny zavatra rehetra ho an'ny olona rehetra. Hatramin'izy teraka ka hatramin'ny fahafatesany, dia omena fombafomba sy lanonana ara-pivavahana ny olona, saingy tsy ampihainoana ny Filazantsara izay manavotra, tsy avela miaina manokana ny famonjena na mahazo ny fiadanana anaty.

Tsy afaka amin'izany ireo antokom-pivavahana kristiana lehibe, izay manana rafi-pandaminana mipetraka tsara. Tsy maintsy manaiky hilefitra amin'ny fandinihana lalina atao aminy koa izy ireny. Tsy mahasoa na iza na iza ny mitonona ho an'i Kristy, na an'ireo apostoly, na an'ny Baiboly. Hatramin'ireo fiangonam-panjakana sy ireo tsy miankina, ka hatramin'ireo vondrona mpino madinika indrindra dia samy mampiasa ireo andinin'ny Baiboly izay ampanarahan'izy ireo ny fiheverany. Ny "firaisana ao anatin'ny tsifitoviana" no ilazany izany. Rehefa dinihina akaiky kokoa, dia azo lazaina fa tsy misy ny iraisan'ny kristianisma ankehitriny amin'ny Fiangonana voalohany, na kely akory aza. Tsy araka izay eken'ny besinimaro, ny fiangonana katolika romana dia tsy niandoha tamin'i Kristy, na Petera. Fa ny niforonany, toy ny rafi-pandaminana sy fiangonam-panjakana, dia tao amin'ny *"l'lmperium Romanum"*, tamin'ny andron'i *Constantin*, taorian'ny konsilin'i Nikea, taona 325. Ny taona 380, ny amperora *Theodose*, niaraka tamin'i *Gratien*, dia nanafoana ny fahafahan'olon-drehetra hifidy ny fivavahany. Taona iray taorian'izay dia nambara ho fiangonam-panjakana ny kristianisma ortodoksa. Efa ny taona 441 ny pàpa *Léon 1er* vao nandray ho azy ny andinin'ny Matio 16:18, ary teo vao nanomboka ny "fifandimbasana apostolika". Tonga tamin'ny fanaperany izany fivoarana izany *tamin'i Justinien*, amperoran'ny ampira romana tatsinanana (527-565), rehefa natsangany ho mpiasam-panjakana ireo pretra. Raha ny marina, dia hatramin'io daty io vao tena nisy ny Fiangonana katolika maneran-tany.

Ankehitriny, Baiboly iray ihany no adika amin'ny fomba zato samy hafa. Hatrany hatrany dia fampianaran'olombelona vaovao no mipoitra, asolo ny Tenin'Andriamanitra voambara: dika vilana, didy sy dogma maro no apetraka, izay tsy misy na tokana aza, manana

fototra ara-Baiboly. Tsy marina àry ve fa ny tsirairay dia manangana ny fanjakany, na milaza aza fa manangana ny Fanjakan'Andriamanitra? Na izany aza, Kristy dia manorina ny Fiangonany, eo anivon'ireo fiangonana maro be ireo, ary eo am-panatanterahana Azy Izy ankehitriny. Misy drafitra nataon'Andriamanitra ho an'ny zanakolombelona, ary ho tontosainy hatramin'ny farany izany. Raha te-ahafantatra izany isika, dia tsy maintsy manilika ireo fomban-drazana sy finoampoana rehetra, ary miverina amin'ny teboka niandohana, izany hoe, amin'ny Tenin'Andriamanitra. Tsy mitaky finoana jamba amin'ny olona Andriamanitra. Ny tena finoana marina dia manana maso ara-panahy anankiroa salama tsara, ary manana tongotra ara-panahy anankiroa matanjaka tsara. Izany dia mifototra tsy voaozongozona amin'ireo Testamenta Taloha sy Vaovao, ireo izay ahitany ny tolo-tsain'Andriamanitra ho an'ny zanakolombelona, hatramin'ny fiandohana ka hatramin'ny fiafarana.

Na ny ankamaroan'ireo olona mba mitady zavatra aza dia mionona amin'ny fientanentanana izay velomina anatin'ireny fiangonana ireny, koa tafatoetra ao amin'ny fampianarana sy fomba nolovana tamin'ny razana izy ireo. Fa ireo olona tena matotra amin'ireo kosa dia handinika ny Soratra Masina ary hiaina araka ny Soratra Masina. Amin'ny olona toy izany no homen'Andriamanitra ny ho tafaverina amin'ny toetry ny Fiangonana voalohany. Ireo izay tena mpino ara-Baiboly marina dia manao ny ezaka rehetra mba hilahatra sy hirindra amin'ny Soratra Masina amin'ny lafiny rehetra. Ho azy ireo dia manan-kery aminy, hatramin'ny farany, na ireo ***fampianaran'ny apostoly*** mikasika ny Andriamanitra, ny batisa, ny Fanasan'ny Tompo, sy ny lohahevitra hafa rehetra, na ihany koa ireo ***fampiharana*** **voalohany** tao amin'ny Fiangonana voalohany. Ireo rehetra tena singan'ny Fiangonan'ny Tompo, izay mitoetra amin'ny fotrotry ny Baiboly, dia hiaina ny hetsika farany izay ho ataon'Andriamanitra, ary ho tonga amin'ny fahafanterahana ho amin'ny Andron'i Jesosy-Kristy, izay miha manakaiky hatrany *(Filipiana 1:6)*

FANAPAHAN-KEVITRY NY TSIRAIRAY

Ny tsirairay dia tsy maintsy manana traikefa manokana iainany miaraka amin'Andriamanitra. Tsy maintsy miova fo Aminy izy, ary hateraky ny Fanahy Masina indray (Jaona 3:6). Tsy maintsy azony antoka fa voavonjy izy (Rom.8:16), sy feno ny Fanahy Masina (Asa 2:4 sy ny hafa) ary nataony tombokase (Efes.1:13 sy ny hafa). Tao amin'ny Tompontsika Jesosy-Kristy ny zanakolombelona no nampihavanin'Andriamanitra tAminy (2 Kor.5:19) —anisan'izany ianao. Ny finoana izay mamonjy dia mifandraika amin'ny hafatry ny Filazantsara, hoe: *«Mihavàna amin'Andriamanitra anie ianareo.»* (2 Korintiana 5:20)

Tsy misy fombam-pivavahana na anarampiangonana kristiana afaka manome ny Fiainana mandrakizay sy ny famonjena mandrakizay. Ireny dia omena an'ireo izay miaina fiarahana manokana amin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny finoana an'i Jesosy-Kristy izay nohomboana, kanefa velona indray,

nandresy am-boninahitra ny fahafatesana. Ny famelabelarana ny Filazantsara amin'ny alàlan'ny toriteny (Rom.10) no ahatongavan'ny finoana izay manafaka tanteraka, ka manavotra ary manome ny famelan-keloka. Ny olona izay nandray ny Fiainana mandrakizay tamin'ny alàlan'ny traikefa niaraka tamin'Andriamanitra ihany no hiaina mandrakizay.

«Ary izao no fanambarany: Fiainana mandrakizay no omen'Andriamanitra antsika, ary ao amin'ny Zanany izany fiainana izany. Izay manana ny Zanaka no manana ny fiainana; izay tsy manana ny Zanak'Andriamanitra no tsy manana ny fiainana.» (1 Jaona 5:11-12).

«Fa izay rehetra nandray Azy dia nomeny hery ho tonga zanak'Andriamanitra, dia izay mino ny anarany, dia ireo izay tsy nateraky ny rà, na ny sitrapon'ny nofo, na ny sitrapon'ny olona, fa naterak' Andriamanitra.» (Jaona 1:12-13).

« Lazaiko aminao marina dia marina tokoa: Raha tsy ateraka indray ny olona, dia tsy mahazo mahita ny fanjakan'Andriamanitra.» (Jaona 3:3). *«Fa tahaka ny nanaovana ny maro ho mpanota noho ny tsi-fanarahan'ny olona iray, no hanaovana ny maro ho marina kosa noho ny fanarahan'ny Anankiray.»* (Romana 5:19). Izay olona efa niaina ny fahateraham-baovao dia hanaiky hofehezin'ny Tompo sy ny Sitrapony.

Enga anie ho tonga zavatra tena misy amin'ny fiainan'ny mpamaky rehetra izay miantso an'Andriamanitra ito andalan'ny Baiboly manaraka ito: *« Tamin'ny taona fankasitrahana no nihainoako anao, Ary tamin'ny andro famonjena no namonjeko anao; indro, ankehitriny no andro fankasitrahana; indro, ankehitriny no andro famonjena;»* (2 Korintiana 6:2)

Hamaranana dia mariho fa any amin'ny fivavahana rehetra, dia misy olona izay mijery an'Andriamanitra amin'ny fijerin'ny filozofy, sady mandahatra an'i Jesosy-Kristy amin'ireo filozofy mpivavaka rehetra. Tena mampalahelo ny mandre zavatra toy izany. Lavitra dia lavitra ambonin'izany ny Tompontsika, ary miavaka amin'ireo mpamorona fivavahana rehetra. Ny finoana Azy dia sady finoana an'Andriamanitra mihitsy, finoana amin'ny fanantenana mandrakizay sy ny famonjena. Tena fitenenan-dratsy ny fampitahana Azy amin'izay rehetra lehilahy mihambo ho mpaminany, Izy ilay Tompon'ny voninahitra. Ireo rehetra nanangana fivavahana dia efa nalevina niaraka tamin'ireo heviny avokoa. Tsy nisy tamin'ireo ka nitsangana tamin'ny maty. Olona tahaka antsika ihany izy ireny, tsy afaka nanavotra na ny tenany aza, na ny hafa. Ireo rehetra manaraka azy dia hankany amin'izay misy azy ireny. Hatrizay, ka ho mandrakizay, dia tokana ihany no afaka niteny hoe: *"Izaho no Làlana sy Fahamarinana ary Fiainana"*, ary ireo izay manaraka Azy dia hankany amin'izay misy Azy. Tao amin'i Kristy irery Andriamanitra no nihaona tamintsika, ary ao Aminy irery ihany isika no afaka hihaona amin'Andriamanitra. Tamin'ny alàlan'ny Lehilahy iray ihany ny Ray any an-danitra no niseho teto an-tany, dia ny Zananilahy tokana naterany, Jesosy-Kristy. Ao Aminy no nanaovany antsika ho zanakalahy sy zanakavavin' Andriamanitra, *«rehefa notendreny rahateo amin'ny fitiavana isika mba ho Azy amin'ny fananganan'anaka amin'ny*

alalan'i Jesosy Kristy, araka izay ankasitrahan'ny fony,» (Efesiana 1:5)

Tsy azo lavina fa maika ny fanaovana antso farany, sy ny fanomezana fampitandremana farany, raha jerena ny fandehan-javatra ankehitriny. Tsy misy olona mahazo manohy mikipi-maso amin'ny fahatanterahan'ireo faminaniana maro izay nomena efa ela be taloha tany. Ireo faminanian'ny Baiboly rehetra izay mbola tsy tanteraka dia efa miomana ho tanteraka hatramin'ny antsipirihany. Nodidiana ny mpaminany Daniela hoe: *«... ahoroninao ny teny, ka asio tombo-kase ny taratasy mandra-pihavin'ny* ***andro farany****; Maro no hazoto hivoivoy, ka hitombo ny fahalalana.»* (Daniela 12:4). Rehefa tonga ny fotoana fahatanterahan'ny faminaniana iray, izay ihany vao misokatra amin'ny fahazoana azy ny saintsika.

Tsy maintsy omena fotoana ny mpamaky tsirairay mba handinihany tsara ireo lohahevitra ireo. **Amin'ny farany dia mikasika anao manokana izany.** Andriamanitra dia nanomana planina ho an'ny zanakolombelona, izay mazava ary mety ho azon'ny olona rehetra.

Ry mpamaky malala,

Manantena aho fa tsy nahatezitra anareo ireo teny mahitsy ireo, fa kosa ireo fanehoan-kevitra ireo dia ho hitanareo ho mpanondro ny làlana mitondra any an-danitra. Tsy amin'ny mpamonjy iray maty no mipetraka ny finoana izay mitondra famonjena, fa kosa amin'ny Tompo sy Mpamonjy Velona iray, izay nitsangana tamin'ny maty, ka niakatra any an-danitra, ary mbola hiverina indray. Tsy nihambo fotsiny Izy hoe: *«Izaho no fananganana ny maty sy fiainana.»*, fa sady nandroso ny porofo tsy ivalozana ny amin'izany Izy, no iandraiketany sy iantohany koa ny fitsanganantsika amin'ny maty.

«Hoy Jesosy taminy: Izaho no fananganana ny maty sy fiainana; izay mino Ahy, na dia maty aza, dia ho velona indray. Ary izay rehetra velona ka mino Ahy dia tsy ho faty mandrakizay. Mino izany va ianao?» (Jaona 11:25-26). Tena tsy misy afa-tsy io làlana tokana io ihany no misokatra ho an'ireo rehetra izay te-ho voavonjy, ary tsy maintsy izorany. Na zovy te-ho tonga amin'ny tanjona mandrakizay dia tsy maintsy miala amin'izay rehetra tsy an'Andriamanitra, anisan'izany ireo dika vilana ara-pivavahana, ary miverina amin'ny Tompo.

Ny fikambanana amina fivavahana anankiray dia tsy misy ifandraisana amin'ny famonjena ny fanahy sy ny fanavotana, satria ireo dia avy amin'Andriamanitra irery ihany. Tsy misy sakramenta, na fomba ara-pivavahana hafa, izay afaka manome ny famonjena. Tsy misy afa-tsy ao amin'ny Mpamonjy ihany no ahitana ny famonjena, ary ao amin'ny Mpanavotra ihany no ahazoantsika ny Fanavotana. Ny ilain'ny tsirairay dia ny ananany ny finoana an'ilay tokana tena Andriamanitra, izay niseho tamintsika tao amin'i Jesosy-Kristy.

Na ireo fanapahan-kevitra tsara indrindra raisin'ny olona tsy an-kiato aza, dia mampanalavitra azy amin'Andriamanitra, ka tsy ahitana Azy, ary miafara amina tsifahombiazana. Ny finoana an'i Jesosy-Kristy irery ihany no manamarina ny olona eo anatrehan'Andriamanitra.

Fanomezam-pahasoavana maimaimpoana izany izay atolotra ny zanakolombelona. Afaka manapaka ny hevitrao ianao izao, izay hanan-kery mandrakizay. Ny Filazantsaran'i Jesosy-Kristy dia hanjary hafatram-pifaliana sy fanafahana ho anao, izay afahanao hiainana amin'ny alàlan'ny hetsiky ny herin'Andriamanitra.

Inoy ankehitriny fa nitondra ny fahotanao ihany koa ny Tompo Jesosy, ary niantra anao. Ianareo dia voantso koa hiverina amin'ny finoana ara-Baiboly izay efa voasedra hatrin'ny ela, nananan'ireo mpaminany sy apostoly ary ireo tena zanak'Andriamanitra tamin'ny fotoana rehetra. Tsy misy olona ilaina hanohy manaiky ho fitahina sy angolena lava, amina fampanantenana tsara lahatra ho amin'ny mandrakizay manontolo. Ny tsirairay dia afaka manandrana ho an'ny tenany ny famonjen'Andriamanitra, ary ahazo antoka fa nandray ny fahasoavan'ny Tompo, ary efa nekeny.

Rehefa avy namaky an'ity hatramin'ny farany ianao, dia mitadiava hiresaka mivantana amin'Andriamanitra, amin'ny alàlan'ny vavaka. Mitenena Aminy, ary inoy fotsiny fa izay voasoratra dia manan-kery aminao koa, satria Izy dia: *«Izay mamela ny helokao rehetra, Izay manasitrana ny aretinao rehetra, Izay manavotra ny ainao tsy hidina any an-davaka, Izay manarona famindram-po sy fiantrana anao,»* (Salamo 103:3-4). Atokiso fa mbola manan-kery ankehitriny ny antson'ilay Mpamonjy, hoe *«Mankanesa aty amiko, ianareo rehetra izay miasa fatratra sy mavesatra entana, fa Izaho no hanome anareo fitsaharana.»* (Matio 11:28). Toy izany koa ny filazan'i Jesosy, hoe: *«Ary izay manatona Ahy dia tsy mba holaviko mihitsy.»* (Jaona 6:37). Mety ny andro anio no ho lasa manan-danja indrindra ao amin'ny fiainanao!

Teboka vitsivitsy ihany no novoasantsika tato amin'ity famelabelana ity. Ireo izay tohina anaty, ka maniry te-ahafantatra misimisy kokoa, dia misy asasoratra mikasika ireo zavatra ireo, mifototra amin'ny Soratra Masina, izay azony afarana. Tsy kisendrasendra raha tonga teo am-pelatànanao ity bokikely ity, fa tena fandaminan'Andriamanitra.

Amin'ny foko rehetra no irariako ny fitahian'Andriamanitra rehetra ho anareo.

Rahalahy Frank.